


**Antsiranana, 08 Marsa 2021 maraina, Andro Iraisampirenena ho an'ny Zon'ny Vehivavy.** Nialohan’ny nanaovana ny fambolena honko eo amin’ny Baie des Français, plage Marofady, eo ampitan’ny Nosy Lonjo (« Pain de sucre »), dia nanao kabary kely Ramatoa Mialy R. Rajolina, Vadin’ny Filoham-pirenena, sy Ramatoa Bavy Angelica M., Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-sosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy. Noraketinay ato amin’ny madagate an-tsoratra ho lovainjafy.




« Ramatoa Filohan’ny Antenimierampirenena,

Ramatoa Vadin’ny Praiminisitra,

Ramatoa isany Mpikambana eo anivon’ny Governemanta,

Ianareo Vadina Minisitra,

Ramatoa isany Solombavambahoaka,

Mesdames et Messieurs les Représentants des Organisations internationales à Madagascar,

Ramatoa Vadin'ny Governoran'ny Faritra Diana,

Ianareo Manampahefana isan-tsokajiny,

Tompokolahy sy Tompokovavy.

An-karavoana tanteraka no iarahabako antsika vehivavy rehetra tratrin'izao Andro lehibe ho fankalazana ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy izao. Isaorako ianao Ramatoa Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-sosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy tamin'ny fandraisam-pitenenanao teo.

Misaotra anao sy ireo mpiara-miasa aminao ihany koa, Ramatoa Minisitra, tamin'ny fiarahana nihisalahy tamin'ny fikarakarana izao fankalazana izao 8 Marsa izao.

Iarahantsika mahafatantatra loatra fa ny vehivavy dia manan-jo tokoa. Kanefa hita eny anivon'ny fiaraha-monina fa mbola misy ny tsy fitoviana. Ka izany indrindra no mahatonga ahy manohana hatrany ny vehivavy amin'ny asa ataony an-davanandro mba hananany fahavitan-tena, na eo anivon'ny tokan-trano, na eo anivon'ny fiaraha-monina.

Raha namboly bararata sy rofia isika omaly, dia hiaraka hamboly honko « mangrove » androany.

Ny « mangrove » dia hafahan'ny drakaka sy ny makamba mivelona sy mitombo isa, ary izy ireo dia anisan'ny foto-pivelomana ho antsika vehivavy eto Antsiranana.

Manadio ny tontolo iainana koa ny « mangrove », amin'ny alalalan'ny fisintomany ny « carbone ».

Araka ny fanta-tsika, ho fisoroana ny fiparitahan'ny valan'aretina coronavirus, dia isaky ny Renivohi-paritany no nankalazana ny 8 marsa ary eto Antsiranana no voatondro ho ivon'izany.

Koa nosafidianako manokana ny hitondra ny lahateniko ho an'ny Malagasy rehetra, amin'ny alalan'ny radio sy ny televiziona nasionaly ( **ETO** ). Koa manasa am-pitiavana antsika rehetra hanaraka izany.

Mankasitraka indrindra, ary manasa anareo avy hiroso amin'ny fambolena ireto honko ireto./ ».




F'inona moa ny vontoatin'ny kabarin'i Ramatoa Bavy Angelica M., Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-sosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy izany ? Ireto izany nambarany izany :

« (…) Raha ny Tantara dia efa tamin'ny fiandohan'ny taon-jato faha-XX no niady mafy ireo

vehivavy nianona ny zo hiasa, hahazo karama mitovy ny amin’ny lehilahy, ho afaka hiteraka an-kalalahana, ary indrindra ho afaka mba andeha hifidy. Nandresy ireo zokin-tsika rahavavy ireo, ka izany fandresena izany no ankalazain-tsika isan-taona maneran-tany, isaky ny 8 marsa.

Efa azon-tsika ny zon-tsika rahavavy namana, fa ny fitakiana ny fampiaràna no ho ataon-tsika amin’ny alàlan’ny fandraisana andraikitra. Izany indrindra no ahatongavan-tsika androany, fa ny vevhivavy mizaka tena sy miarin-doha ao anatin’ny tontolo iainana mirindra no antoky ny fampandrosoana lovainjafy.

Fanta-tsika ary iainan-tsika tokoa. Tato ho ato dia misy ny olana miseho noho ny fiovan’ny toe-trandro, sy ny fasimban’ny tontolo iainana. Ka noho izany, miakatra ny afanana, tsy misy ny orana, tsy misy ny rano sotroina, maina ny tany, tsy misy ny vokatra. Ao ihany koa ny aretina covid-19 izay mamparefo ara-pahasalamana sy ara-toe-karena ka mampitombo ny fahantrana misy amintsika.

Ny zaza amam-behivavy no tena iaran’izany rehetra izany ka mahatonga azy ireo mifindra monina, ny any amin’ny faritra Atsimo. Izay no antony andraisan-tsika andraikitra amin’ny androany, amin’ny fanaovana izao fambolena honko na « mangrove » mba hanatsara ny tontolo iainan-tsika ka apetran-tsika ho lovainjafy.

Ataon-tsika izao mba anampiana ireo rahavavin-tsika, ireo mpanjono izay mitrandraka ity toerana ho fiveloman’ny ankohonany. Ka ao anatin’izany dia ho afaka hizaka-tena ara-toe-karena, tsy miankin-doha fa ho vehivavy mandray andraikitra sy mitovy lenta amin’ny fandraisana adidy an-tokan-trano izy ireo.

Ny Ministeran’ny mponina izay miahy ny Fampivoarana ny Vehivavy dia misaotra sy mankasitraka anareo rehetra fikambanam-behivavy, manam-pahefana sy tomonandraikitra isan-tsokajiny (…) ».

**Nandika ny kabary an-tsoratra : Jeannot Ramambazafy**

**Naka vidéo sy ny sary : Andry Rakotonirainy**

* * * * * * * * * * * * * * * *

**SARY FAHATSIAROVANA TANY AMIN'NY BAIE DES FRANCAIS PLAGE MAROFADY**

**ANTSIRANANA, 08 MARSA 2021 MARAINA**






















MADAGATE


MADAGATE


MADAGATE


MADAGATE


MADAGATE












**[ETO NY MANALEHIBE IREO SARY AMBONY IREO. MISAOTRA, TOMPOKO]()**